

# Fahazoana antoka ny famonjena sy ny fifaliana azo avy amin'izany

G. Cutting



**Bibles et Publications Chrétiennes**

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

**Fizahan-takila >**

ISBN : 978-2-87907-379-8

Certitude et joie du salut

*Couverture, illustration : Claire Gautier*

<b>Fampidirana</b>	<b>7</b>
<b>Ny lalam-pamonjena</b>	<b>8</b>
<b>Ny fahazoana antoka ny famonjena</b>	<b>12</b>
<b>« Ahoana no ahazoako antoka fa manana finoana marina tokoa aho? »</b>	<b>20</b>
<b>Ny fifaliana azo avy amin'ny famonjena</b>	<b>27</b>



## Fampidirana

«Tonga tety ambonin'ny tany Kristy Jesoa hamonjy ny mpanota»<sup>1</sup>, «hamonjy ny very»<sup>2</sup>.

Izany no atao hoe Filazantsara.

Izany no ilay «Filazantsaran'ny famonjena»<sup>3</sup>.

Zavatra telo loha no tsy maintsy mazava tsara amintsika manoloana izany:

1) Ny lalam-pamonjena

2) Ny fahazoana antoka ny famonjena

3) Ny fifaliana azo avy amin'ny famonjena

Samy hafa ny fototra iorenan'ireo endri-pahamarinana telo ireo, na mifamatotra akaiky dia akaiky aza izy ireo. Mety hahafantatra marina tokoa ny lalam-pamonjena ny olona anankiray, kanefa tsy mahazo antoka izy fa voavonjy. Ary, mety ho tsy mbola nanandrana ny fifaliana sy ny fahasambarana miara-dalana mandrakariva amin'io fahazoana antoka ny famonjena io ny olona iray, na mahatsapa ny tenany ho efa voavonjy aza izy.

Izany indrindra no mahatonga anay hiresaka aloha, ety am-piandohana, mikasika:

---

1.1 Timoty 1. 15 • 2. Matio 18. 11 • 3. Ampitahao amin'ny Efesiana

## Ny lalam-pamonjena

Mahita fampianarana toa hafahafa ihany isika ao amin'ny Eksodosy toko faha-13, andininy faha-13. Hoy mantsy ny voalaza ao: «Ary ny voalohan-teraky ny boriky dia hosoloanao zanak'ondry; fa raha tsy hanolo azy ianao dia hofolahinao ny vozony; ary ny lahimatoa rehetra amin'ny olona eo amin'ny zanakao dia havotanao ». Maneho ny zavatra tsy maintsy atao ho famonjena ny mpanota izany fombafomba voasoratra tao amin'ny lalàn'i Mosesy izany.

Tahaka izany tsy misy hafa koa no anoloran' Andriamanitra ho antsika ny famonjena. Mila mpisolo isika. Rariny tokoa raha hianjera amintsika ny fitsaràn'Andriamanitra, satria olo-meloka isika. Tsy misy lalam-pamonjena hafa ho antsika ankoatra ny fisoloana vaika ny ankalana nataon'ilay Iray izay nahita sitraka teo imason'Andriamanitra.

Eny, asehon'ny Tenin'Andriamanitra ny fomba nanoloran'Andriamanitra an'ilay mpisolo toerana antsika. Tsy hafa io fa Ilay «Zanak'ondry», dia ny Zanany malalany, izay tonga tety an-tany «hamonjy ny mpanota». «Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao!», hoy i Jaona

tamin'ireo mpianany, raha nahatazana an'llay Mpamonjy tonga lafatra izy<sup>4</sup>.

Nentina toy ireny «ondry hovonoina» ireny i Kristy, raha niakatra an'i Kalvary. «Nijaly indray mandeha noho ny ota» tao amin'io toerana io Izy, «ny marina hamonjy ny tsy marina mba hitondra antsika ho amin'Andriamanitra»<sup>5</sup>. «Natolotra noho ny fahadisoantsika (Izy), ka natsangana indray ho fanamarinana antsika»<sup>6</sup>. Natsangan' Andriamanitra i Kristy ho fanaporofony ny fahafaham-pony tanteraka: vita ny asa fisoloamboina.

Hitantsika amin'izany fa tsy manafohana velively ny fahefàn'ny fahamasinany sy ny fahamarinany manoloana ny ota akory Andriamanitra, raha toa Izy manaiky hanamarina ny meloka (izany hoe raha toa Izy manaiky hanafaka an'ireo olo-meloka amin'ny alalan'ny finoana fotsiny ihany an'i Jesoa). Ampihariny hatrany ny sazy sahaza ny ota, ary tao amin'i Jesoa no nanamparany izany. Deraina Andriamanitra noho Izy nahafoy ho antsika an'izany Mpamonjy izany; hoderaina anie Izy noho ny famonjena natolony!

«Mino ny Zanak'Andriamanitra va ianao?», hoy ny fanontaniana napetrak'i Jesoa tamin'ilay

---

4. Jaona 1. 29 • 5.1 Petera 3. 18 • 6. Romana 4. 25

jamba nahiratra<sup>7</sup>. Izany ihany koa no fanontaniana apetrany aminao ankehitriny.

«Eny», hoy ny avalinao. «Izy no hany tokana azoko ametrahana ny tokiko, amin'ny maha mpanota very sy voaheloka ahy. Eny, mino Azy aho».

Afaka ny hilaza aminao izahay, raha izany no valinteninao, fa natao ho anao mihitsy koa ireo tombontsoa rehetra entin'ny fahafatesan'i Kristy.

Famonjena mahagaga tokoa izany natolotr' Andriamanitra ho antsika izany! Tena famonjen-dehibe, asa avo lenta mendrika ny maha Andriamanitra! Tafatambatra tao anatin'io asa nataon'i Kristy io mantsy ny fahafahampon'Andriamanitra manoloana ny sazy henjana mendrika ny ota, sy ny voninahitry ny Zanany, ary ny famonjena ahy. Moa tsy fahasoavana sy voninahitra tafatambatra ho amboara iray ve izany? «Miaraha mankalaza an'i Jehovah amiko, ary aoka hiara-manandratra ny anarany isika»<sup>8</sup>.

«Fantatro loatra, hoy ity olona anankiray, fa tsy afaka ny hitoky amin'ny tenako na oviana na oviana aho, ka izany no mampiankin-doha ahy tanteraka amin'ny asa nataon'i Kristy. Kanefa, nahoana aho no tsy manana antoka akory fa efa tena voavonjy marina tokoa? Misy andro iray

---

7. Jaona 9. 35 • 8. Salamo 34. 3



ahatsapako fa tena voavonjy marina tokoa aho. Maty indray anefa izany fahatsapana ao anatiko izany ny ampitso. Toy ny sambo atopatopan'ny rivo-mahery aho, ka tsy mahita intsony izay toerana handatsahana ny vatofantsika». Amin'izany indrindra, hoy aho, no mahadiso anao! Tsy mbola renao mihitsy angamba ny hoe tao an-tsambo ihany, hono, no nandatsahan'ny kapitenin-tsambo ny vato fantsika. Ary tsy haheno izany na oviana na oviana ianao! Eny ivelan'ny sambo mandrakariva no andatsahana ny vato fantsika, izay mihazona ny sambo tsy hihetsika. Tahaka izany koa, avy eny ivelany ny antoka mihazona ny fahazoanao antoka ny famonjena fa tsy ny fahatsapana mivadibadika ao anatinao!

Mety ho fantatrao tokoa fa ny fahafatesan'i Kristy no hany lalana nosokafan'Andriamanitra hahazoana ny famonjena. Saingy, mety hihevitra koa ianao fa ny fahatsapana ao anatinao no manome anao ny fahazoana antoka, na tsia, ny tena fanananao izany famonjena izany.

Izany indrindra no anehoanay aminao indray izao, amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ihany, hoe ahoana moa no anomezan'Andriamanitra antoka feno ny olona iray fa voavonjy marina tokoa izy.

## Ny fahazoana antoka ny famonjena

Hamaky andininy anankiray indray isika eto. Ity andininy ity no mampianatra antsika hoe ahoana moa no ahazoan'ny mpino antoka fa manana fiainana mandrakizay izy, izany hoe voavonjy marina tokoa. Mialoha ny tena hamakiana azy ity anefa dia tianay ny hitatitra an'io andininy io eto, araka izay fandraisan'ny olona ny heviny rehefa mamaky azy io izy. Toy izao no hevitra ao an-tsain'ny olona rehefa mamaky ity andinin-tSoratra Masina ity izy:

«Efa nomeko anareo ny hahatsiaro ho sambatra, dia ho anareo izay mino ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo». Sokafy amin'izay ary ny Baibolinao izao, ka ampitahao amin'izay voasoratra ao amin'ilay Tenin'Andriamanitra tsy miova izany teny izany. Ao amin'ny 1 Jaona 5. 13 no ahitantsika an'io teny nodisoina io. Ny toy izao no voasoratra ao: «Izany no nosoratako aminareo izay mino ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo».

Ahoana moa no nananan'ireo lahimatoa rehetra teo amin'ny zanak'Isiraely antoka fa ho voaaro tokoa izy ao anatin'ilay alin'ny Paska, izay

hilatsahan'ny fitsaràn'Andriamanitra ao amin'ny tany Egipta manontolo?<sup>9</sup>

Ndeha ataontsika hoe anisan'ny tany Egipta koa isika tamin'io fotoana io. Dia niditra tao amina tokenrano roa samy nisy Isiraelita, hono, isika. Raha niditra tao amin'ny tokenrano voalohany isika, indreo Isiraelita mihorohoron'ny tahotra no hitantsika.

– Fa nahoana ianareo no mivarahontsana toy izao? hoy ny fanontaniana apetratsika amin'izy ireo.

– Fa tsy fantatrao angaha! hoy ny avalin'ilay zanaka lahimatoa, ho avy hitety ny tanàna manontolo anie ilay anjely mpandringana e! ...Tsy fantatro izay hanjò ahy, ka izany no maha rano an-dravina ahy... Rehefa avy nandalo ny tranonay ilay anjely mpandringana, ka nieren-doza aho, izay aho vao hahazo toky fa tsara aro tokoa. Saingy, tsy afaka ny tsy hitebiteby mihitsy aho mialoha izany! ...Nilaza taminay ihany ry zareo mpifanolo-bodirindrina fa mahazo antoka, hono, izy ireo fa tsy hahazo azy ny loza; kanefa, fahasahisahiana tafahoatra ihany no fandraisanay izany fihetsik'izy ireo izany! Ny hany azoko atao mandritra ity alina toa lava dia lava sy alina mampihorohoro ity, dia ny

mivavabavaka mafy hoe enga anie ka tsy hisy na inona na inona hitranga amiko.

– Oadray, fa angaha moa tsy efa nanomana izay fomba hamonjena ny vahoakany amin’io alina io Ilay Andriamanitry ny Isiraely? hoy indray ny fanontaniana apetratsika amin’io lehilahy io.

– Eny e, hoy ny avaliny, ary efa nataonay tokoa izay nasainy natao. Efa nafafinay tamin’ny ‘hysopa’ ho amin’ny tolam-baravarana ny ran-janak’ondry feno herintaona sy tsy misy kilema. Kanefa, tsy ampy hampitony ny tebitebinay izany, tsy ampy hahazoanay antoka ny haha voaaro anay marina tokoa!

Ndeha avelantsika eo ny amin’ireo Isiraelita mahantra, mandry an-driran’antsy, sy tsy manana antoka ireo. Ndeha isika hiditra indray ao amin’ilay tokantrano faharoa.

Fifanoherana goavana no hita! Fiadanana no indro hita soritra eny amin’ny endrik’izy mianakavy ao an-trano. Eo am-pitsanganana ny rehetra, ny valahana voafatotra amin’ny fehinkibo, ny tehiny eny an-tanany, ary indreo izy rehetra samy mihinana ny zanak’ondry natono.

Nahoana àry izy ireto no milamin-tsaina aoka izany ao anatin’ity alina miavaka ity?

– Ny baikon’ny Tompo no hany sisa andrasanay dia hiainga izahay, hoy izy ireo. Hataonay veloma

hatreo ny kapoka tsy misy antra sy ny fanandevozan'i Egipta.

– Kanefa..., hoy ianao, moa hadinonareo fa hilatsaka amin'ity tanàna ity anie ny fitsaràn' Andriamanitra amin'izao alina izao e!

– Fantatray tokoa izany, saingy efa tsara aro ny zanakay lahimatoa! Efa nofafazanay rà ny tolam-baravarany, araka izay nasain'Andriamanitra nataonay.

– Ary nanao toy izany koa ireo olona mipetraka ato akaikinareo, hoy ianao, kanefa mbola miahiahy fatratra ihany izy ireo, tsy azony antoka ny hamonjena azy; ianareo anefa ireto toa tsara toky ery!

– Eny, hoy ny avalin'ilay lahimatoa amimpahatokiana fatratra, saingy ankoatra ny famafazana ny rà dia mbola anananay koa ny Tenin'Andriamanitra tsy mivadika. Hoy mantsy ny nambaran'io Tenin'Andriamanitra io: « Rehefa mahita ny rà Aho dia handalo anareo ». Hampitony an'Andriamanitra ny fahitana ny rà eo ivelan'ny tranonay. Ny Tenin'Andriamanitra kosa no ifikiranay rehetra ao anatin'ny trano, ka mahamafy orina ny tokinay!

Aro ho antsika ny rà nafafy.

Antoka ho antsika kosa ny Tenin'Andriamanitra.

Moa misy zavatra hafa ankoatra ny famafazana rà ve ho aro ho antsika? Ary moa

misy antoka tsara kokoa ho antsika noho ny Teny izay niloaka ny vavan'Andriamanitra ve? Tsia.

Eto àry ry mpamaky malala dia mamelà anay hametraka izao fanontaniana iray izao aminao: «Iza amin'ireo tokantrano roa ireo no heverinao ho tena nahazo toky fa tsara aro tokoa? «Raha hamaly ianao hoe ilay faharoa, izay niadana sy nandry fehizay, dia diso ianao. Samy voaaro avokoa mantsy na ny tao amin'iry voalohany na ny tao amin'ity faharoa. Ny fahitan'Andriamanitra ny rà teo ivelan'ny trano no niankinan'ny fiarovana azy, fa tsy izay toe-pon'ny olona tao anatin'ny trano.

Koa, aoka isika tsy hitoky amin'ny fihetseham-po ao anatintsika ao. Izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra henoina, dia izay ambaran'i Jesoa lzy tenany manao hoe: «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: izay mino (Ahy) no manana fiainana mandrakizay»<sup>10</sup>.

Ndeha handray ohatra hafa indray isika, ohatra amin'izay fahitantsika eo amin'ny fiainana andavanandro.

Tsy ampy ny vilona fanomen'ity mpiompy anankiray ny biby fiompiny, ka nanao taratasy fangatahana tanim-bilona iray hohofàny izy. Nanakaiky indrindra ny trano fonenany no nisy

---

10. Jaona 6. 47

an'io tanim-bilona io. Nandeha ny fotoana... tsy mbola nandrenesam-baliny ihany ny tompon'ilay tanim-bilona. Indray andro, tafaresaka tamin'ny iray tamin'ireo mpiara-monina taminy izy, ka nilazan'io hoe: «Azoko antoka fa ho azonao mihitsy io tanim-bilon'Andriamatoa Rakoto io. Te hanao soa aminao mantsy Ingahy Rakoto, raha ny fahitako azy, satria mampanontany ahy foana ny momba anao izy, ny vaovaonao, sy ny sisa. Tsy sasatra mihitsy izy mampitondra mampamangy ho anao!» Dia indro fa velombelom-bolo ery ilay mpiompy mandre izany.

Ny andro iray hafa, inty olon-kafa indray, izay mpiray tanàna aminy ihany koa, no tafahaona taminy. Hoy indrindra ny filazany: «Manahy mafy aho ry Ingahy fa tsy ho azonao mihitsy io tany io. Nangataka azy io koa mantsy Ingahy Ralay, ary iaraha-mahalala fa mifankahazo tsara amin'Ingahy Rakoto izy, mahavatra mangan-givangy azy izy, sy ny sisa». Dia indro fa very anjavony teo indray ny fanantenan'ilay mpiompy efa mba nihiratra teo. Mivaivay ny fanantenany androany, fa velom-panahiana indray izy rahampitso.

Kinanjo, inty ny mpitondra taratasy avy nanatona ny tranon'Ingahy mpiompy... nanolotra taratasy ho azy izy. Fantatr'ity mpiompy avy hatrany fa soratr'Ingahy Rakoto tompon'ny tany

nanaovany fangatahana io. Nosokafany haingana ny valopy. Miramirana tery ny tarehiny: «Izao aho vao mahazo antoka tanteraka, hoy izy tamin-dRamatoa vadiny. Nanoratra Ingahy Rakoto tompon'ny tany fa azoko ampiasaina mandritra ny fotoana hilako azy ny tany, ary tsy sarotra koa ny fepetra notakiny. Tsy ahoako intsony izay ho vavan'ny olona; izy tompony mihitsy izao no efa nampanantena ahy!».

Firifiry moa ny olona misedra zavatra toy izay nanjò an'ity mpiompy ity! Ny vavan'olona etsy sy eroa, izay tsy marina akory, no mampitebiteby azy! Ny fihevitra ny fony feno fitaka no mampikorontan-tsaina azy! Ny fandraisana an'izay ambaran'Andriamanitra ao amin'ny Teniny no hany hampisinda ny ahiahy, ka hanome antoka feno. Marina Andriamanitra, na milaza ny fanamelohana ho an'ireo tsy mino lzy, na manambara ny famonjena ho an'izay mino. «Ho mandrakizay Jehovah ô no nanorenanao any an-danitra ny teninao»<sup>11</sup>. «Moa efa nilaza va lzy, ka tsy nefainy? Na efa niteny va lzy ka tsy hotoviny?»<sup>12</sup>.

---

11. Salamo 119. 89 • 12. Nomery 23. 19



*Inona intsony no ndeha hampanahy,  
Moa mbola ilaiko ny hiansampy any an-kafa?  
Ampy hampitony sy antoka ho ahy  
Ilay rà nikoriana namafa ny lasa.*

Mety hanontany indray angamba ianao izao  
hoe:

## **«Ahoana moa no ahazoako antoka fa manana finoana marina tokoa aho?»**

Tokana ihany no valin'izany fanontaniana izany: «Moa amin'ilay Olona iray izay Marina ve no anankinanao ny fitokisanao, izany hoe ao amin'ilay Zanaka malalan'Andriamanitra?»

Tsy ny haben'ny finoanao no ilaina, fa ny maha mahatoky an'ilay Olona izay ametrahanao ny tokinao. Misy olona mitampikitra mafy amin'i Kristy, toy ny fitampikitry ny olona tsy mahay milomano latsaka an-drano amin'ny tanan'ny olona tonga hamonjy azy; misy kosa mikasika fotsiny ihany ny moron'akanjon'i Jesoa. Dia hilaza ve ianao hoe iry mitampikitra be no manana antoka kokoa, noho ilay nikasika fotsiny ny moron-dambany? Mitovy ihany ny zavatra tsapan'ireo karazan'olona roa ireo. Samy mahatsapa izy ireo fa mandiso fanantenana azy mandrakariva izay zavatra avy amin'ny tenany ihany; ao amin'i Kristy no mendrika hametrahana ny toky. Afaka ny hanankim-po tanteraka amin'ny tenin'i Kristy izy, ary afaka ny handry fehizay noho ilay asa vitan'i Kristy, izay ampy hatramin'ny mandrakizay. Izany no dikan'ny hoe mino an'i Jesoa: «Lazaiko aminareo

marina dia marina tokoa: Izay mino (Ahy) no manana fiainana mandrakizay »<sup>13</sup>.

Aoka isika hitandrina ndrao hanankim-po amin'ny asa, na amin'ireo fombafombampivavahana, na amin'ny fitsaran-tena ho mpivavaka, na amin'ny fanabeazana arapivavahana azo fony fahakely. Ho any amin'ny fahaverezana mandrakizay ihany isika, na mandala ireny zavatra ireny aza, kanefa tsy mety miroso amin'ny tena finoana. Aza manaiky hofitahin'ireo fihetsika ivelany, izay tondroin'ny Tenin'Andriamanitra hoe «tsara amin'ny nofo»<sup>14</sup>.

Ao amin'ny Filazantsara no ampahafantarant'Andriamanitra antsika an'i Jesoa Kristy. «Ity no Zanako malalako Izay sitrako», hoy indrindra ny filazany Azy. Ambaran'Andriamanitra fa azonao atao ny mametraka ny tokinao manontolo amin'io Zanany io. Tsy ho azonao atao na oviana na oviana kosa ny hitoky amin'ny fonao.

«Tena mino Azy marina tokoa aho, hoy ity zazavavy iray voagejan'ny tahotra, indray andro. Rehefa anontaniana anefa aho hoe 'azonao antoka ve fa voavonjy tokoa ianao?', dia tsy sahy milaza mihitsy aho hoe 'eny'. Matahotra aho

mantsy ndrao mandainga ». Zanaky ny mpivaron-kena tao amin'ny tanàna kely anankiray io zazavavy io. Andro tsena indrindra moa tamin'izay ka mbola tsy tafaverina tao an-trano ny rainy. Hoy aho namaly azy :

– Ndeha hataontsika hoe tonga, hono, ny rainao, ka nanontany azy ianao hoe: 'Firy ny ondry novidiano tany an-tsena, ry dada?', hamaly anao izy hoe: 'Folo, anaka'. Dia nisy mpividy anankiray àry nanontany anao hoe: 'Firy ny ondry novidin-drainao androany ry Ikalakely?', hamaly ianao hoe: « Tsy sahy hilaza izany aminao aho, ndrao mandainga! ».

– «Manao ny rainao ho mpandainga izany ianao », hoy ny reniny menamenatra raha nandre izany.

Ry mpamaky, hitanao amin'izany fa mampandainga an'Andriamanitra ity zazavavy ity raha tsy sahy namaly hoe 'eny', na afaka ny nanao izany tokoa aza izy, rehefa nanontaniana ny amin'ny fahazoany antoka ny famonjena. Nampandainga an'Andriamanitra izy tamin'ny nilazany hoe: « Eny, mino ny Zanak' Andriamanitra aho, ary nanambara tamiko tokoa izy fa manana fiainana mandrakizay aho. Tsy sahiko hitompoana teny fantatra anefa ny amin'izany. Matahotra aho mantsy ndrao mandainga ».

« Kanefa, hoy indray ny olona iray hafa, ahoana moa no ahazoako mitompo teny fantatra fa manana finoana marina tokoa aho? Manandrana ny hino aho, matetika, ary miezaka ny hahazo antoka izany ao anatiko lalina ao; arakaraka ny hisaintsainako ny amin'ny finoako anefa no toa ahatsapako fa tsy manana finoana aho ». Ry sakaiza, mipenimpenina any amin'ny lalan-diso ianao, raha izany. Arakaraka ny hiezahanao hino no mainka hampihanjanja fa tafavily ho amin'ny lalan-diso ianao.

Ndeha isika handray ohatra iray hafa indray:

Raha iny nipetrapetraka tao an-trano iny ianao no injao nisy nandona tao am-baravarana. Ny iray amin'ireo mpiray tanàna aminao io, ary ny hilaza ny vaovao ratsy vao henony tamin'ny onjam-peo teo no niaviany. Malaza ho mpanatavy resaka sy mpandainga anefa io olona io. Moa hino izay ambarany anao ve ianao?

– Tsia, tsy hino izay ambarany mihitsy aho, hoy ianao.

– Fa nahoana kosa re?

– Satria fantatro loatra io olona io.

– Hay ve! Kanefa... lazao ahy: ahoana moa no ahazoanao antoka fa tsy marina izay nambaran'io olona io, ary tsy afaka ny hino izany ianao? Moa noho ny fahalalanao ny tenanao ve,

moa noho ny fahatsapana ao anatinao, na ny toe-poanao ve?

– Tsia, hoy ny avalinao, tsy mahatoky tsotra izao an’io olona nilaza vaovao tamiko teo io aho, ka izany no tsy ninoako avy hatrany izay nambarany.

Nony afaka kelikely, injao nisy namana niantso anao an-tarobia, ary nanamafy an’ily vaovao renao teo.

Nilaza indray ianao teto hoe :

– Mino amin’izay aho izao, satria ianao no nilaza izany tamiko.

– Ahoana moa no ahazoanao antoka fa marina ny zavatra nambaran’io namanao io, ary matoky izany tanteraka ianao?

– Satria fantatro loatra izy, hoy ianao; tsy mbola namitaka ahy mihitsy io namako io, no sady tsy hanao izany na oviana na oviana.

Toy izany tsy misy hafa koa no ahazoako antoka fa mino ny Filazantsara marina tokoa aho. Mino aho satria fantatro tsara llay Olona nitatitra tamiko ny vaovao. « Raha mandray ny fanambaràn’olona isika, lehibe lavitra noho izany ny fanambaràn’Andriamanitra; fa ny fanambaràn’Andriamanitra dia ny nanambaràny ny Zanany. Izay mino ny Zanak’Andriamanitra no manana ny fanambaràna ao anatiny, izay tsy

mino an'Andriamanitra dia efa nampandainga Azy, satria tsy mino ny fanambaràna izay nambaran'Andriamanitra ny Zanany izy »<sup>15</sup>. « Ary Abrahama nino an'Andriamanitra ka dia nisaina ho fahamarinany izany »<sup>16</sup>.

Hoy ity olona iray feno tahotra raha nanontany an'ity mpitory Filazantsara, indray andro: « Tsy afaka ny hino mihitsy aho tompoko! » « Marina hoe? Ka iza hono ity tsy ho azonao inoana mihitsy? » Nanapaka ny fientanam-pon'ilay Ramatoa io valinteny io. Raisin'ny olona ho toy ny fahatsapana tsy hay tantaraina sy saro-bakina ny finoana. Raisiny ho toy ny fahatsapana anaty mba hahazoana antoka fa ho any an-danitra fotsiny ihany izany. Miantombina amin'ny zavatra eny ivelany mandrakariva anefa ny finoana. Mifantoka amin'llay Zanak'Andriamanitra velona, sy ny asa nataon'io Zanak'Andriamanitra io ny finoana. Mifototra amin'ny fandraisana an'izay rehetra nambaran'llay Andriamanitra mahatoky mikasika an'io Zanany io izany finoana izany. Ny fibanjinana an'llay eny ivelan'ny tena no mitondra ny fiadanana ho ao anaty. Lasa ao aoriany ny aloky ny olona iray rehefa manatrika ny masoandro izy: tsy afaka ny sady hijery ny tenanao ianao no hibanjina ihany

---

15. 1 Jaona 5. 9-10 • 16. Romana 4. 3

koa an'ilay Kristy nomem-boninahitra any andanitra.

Eny, mendrika ny hametrahako ny fitokisako tokoa Ilay Zanak'Andriamanitra. Manome antoka sy fiarovana tanteraka ho ahy mandrakizay ny asa vitany. Manome fahazoana antoka tsy azo hozongozonina ato anatiko, izay ambaran' Andriamanitra mikasika an'ireo rehetra mino Azy. Ao amin'i Kristy sy ny asa nataony no ahitako ny lalam-pamonjena, ary ny Tenin'Andriamanitra kosa no mampahafantatra ahy fa voavonjy aho.

Kanefa, mety hanontany indray angambiana mpamaky izao hoe: «Raha voavonjy aho, nahoana àry no mbola miovaova be ihany ny zava-mitranga eo amin'ny fiainako? Matetika no miala amiko ny hafaliako ary mainka mahonena noho ny nisy ahy talohan'ny fiovam-poko aza ny toerana misy ahy, indraindray!».

Izany fanontaniana izany no hitarika antsika ho amin'ilay fahamarinana fahatelo:



## Ny fifaliana azo avy amin'ny famonjena

Voavonjy isika tamin'ny alalan'ilay asa nataon'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana. Mahazo antoka tanteraka ny fananana izany famonjena izany isika, amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina izay tonga monina ao anatin'ny mpino tsirairay avy no mampianoka azy ao anatin'ny hafaliana sy ny hasambarana entin'ny famonjena.

Tsarovy hatrany anefa izay ambaran'ny Soratra Masina: mbola ao anatin'ireo olom-boavonjy ihany ny nofo, izany hoe ilay toetra maha mpanota, ilay toetra ratsy nolovainy hatramin'ny fahaterahany ara-nofo, ka efa niseho hatramin'ny fotoam-pahazazany. Ny Fanahy Masina izay nomena ny mpino, ka mitoetra ao anatin'ny, no manohitra ny nofo. Malahelo io Fanahy io isak'izay miseho ao amin'ny fisainantsika, amin'ny asantsika, amin'ny tenintsika, ny asan'ny nofo.

Mamoa an'ireo voa tsara vokarin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny mpino, rehefa mandeha « mendrika ny Tompo » izy: « fitiavana, fifaliana, fiadanana, sns »<sup>17</sup>. Malahelo kosa ny Fanahy rehefa mandeha araka ny nofo sy manaraka ny

---

17. Galatiana 5. 22

filàn'izao tontolo izao ny mpino, hany ka tsy hita eo aminy ireo vokatry ny Fanahy ireo.

Ndeha hofehezintsika toy izao izany:

– miara-dalana ny asan'i Kristy sy ny famonjena anao, ka na izy ireo miara-ao na miara-tsy ao;

– miara-dalana toy izany koa ny fandehananao araka izay ankasitrahan'Andriamanitra sy ny fifaliana, ka na izy ireo miara-ao na miara-tsy ao.

Foana ny famonjena antsika raha levona ny asa nataon'i Kristy (soa fa tsy hitranga mihitsy izany, noho ny fahasoavan'Andriamanitra!). Tsy ho vanona ny fifaliana vokarin'ny fandraisantsika ny famonjena, raha tsy araka ny tokony ho izy ny famindra amam-pitondrantenantsika. Izany no antony nilazana fa nandeha tamin'ny fahatahorana ny Tompo sy ny famporisihan'ny Fanahy ireo mpianatra voalohany. Ambara indray koa any amin'ny andininy hafa fa: « feno fifaliana sy feno ny Fanahy Masina ny mpianatra »<sup>18</sup>. Mifandanja amin'izay ho toetry ny fandehantsika, na ny fitondrantenantsika, aorian'ny fiovam-pontsika, ny fananantsika fiainana feno fifaliana.

Moa tsapanao ve fa misy zavatra roa loha tena samy hafa mihitsy, kanefa afangaronao

---

18. Asa 9. 31 ; 13. 52

tanteraka? Tsy inona izany fa ny amin'ilay hafaliana azonao vokatry ny fahazoana ny famonjena, sy ny maha tsara antoka ny famonjena efa noraisinao. Ny Fanahy Masina no ampalahelovintsika rehefa mamela ny fahatezerana hahazo laka ao anatintsika isika, na rehefa miaina indray araka izao tontolo izao, sns. Voasembantsembana ilay zara fifaliansika amin'izay fotoana izay. Mihevitra anefa isika eo fa mihozongozona ilay famonjena efa voaraintsika!

Tsarovy fa:

- ny asa nataon'i Kristy no antoky ny famonjena antsika

- ny teny nambaran'Andriamanitra no antoky ny fahazoantsika antoka an'izany famonjena noraisintsika izany

- ny fananantsika fiainana feno fifaliana kosa dia miankina amin'izay ho toetry ny fitondrantenantsika, izay mety hanome voninahitra na hampalahelo ny Fanahy Masina mitoetra ao anatintsika.

Tapaka ny fiombonana aina amin' Andriamanitra Ray sy amin'ny Zanaka, amin'ny fotoana anaovantsika zavatra mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, na dia zanak' Andriamanitra aza isika. Tsy hiverina io fifandraisana io raha tsy aorian'ny

hahatsapantsika tena, ka hibabohantsika ny heloka vitantsika.

Nanao hadisoana ny zanako. Hita soritra teny amin'ny endriny fa misy zavatra tsy mandeha amin'ny laoniny eo amin'ny fiainany. Niresaka tsara tamiko izy antsasak'adiny mialoha izao trangan-javatra izao. Zaza feno toky aok'izany no niresaka tamiko. Niova vetivety teo anefa ny zava-drehetra. Indro izy midongy sy mampiseho endrika mahonena ery an-joron-trano. Niteny mazava taminy aho tamin'izay fa hamela azy, raha miaiky ny fahadisoana nataony izy. Misakana azy tsy hanao izany anefa ny hambompony sy ny kiriny.

Nankaiza ilay fifaliana hita soritra teo aminy vao tsy ela akory teo? Very an-javony foana teo. Nahoana? Satria tapaka ny fiombonana aina nisy teo aminay mianaka. Kanefa, moa tapaka niaraka tamin'izany koa ve ny fifandraisana amin'ny maha ray sy zanaka nisy teo amiko sy io zanako io, antsasak'adiny taty aoriana? Tsia. Mbola mitoetra ihany ilay rohim-pihavanana misy eo aminay mianaka. Rohim-pifandraisana sarobahana mantsy io, satria azo tamin'ny alalan'ny fahaterahana. Miankina tanteraka amin'izay ho fitondrantenan'io zanako io kosa ny fiombonana aina misy eo aminay mianaka.

Rehefa afaka kelikely, inty ilay zaza niala tery an-joron-trano, vonombonona aoka izany, no sady torotoro fo. Nahatsapa ny hadisoany rehetra izy. Hitantsika amin'izany fa halany ihany koa, manotra lavitra noho ny fankahalantsika azy, ny faharatsiany sy ny tsy fankatoavany. Nofihiniko izy ary norohako. Indro fa niverina taminy indray ilay hafaliany teo, satria voarina ilay fiombonana aina tapaka nandritra ny fotoana fohy.

Taorian'ilay fahotana mahatsiravina vitan'i Davida tamin'ny vadin'i Oria dia tsy nilaza mihitsy izy nanao hoe: « Ampodio amiko ny famonjenao », fa hoy izy: « Ampodio amiko ny fifaliana amin'ny famonjenao »<sup>19</sup>.

Voasembantsembana ilay fiombonana ain'ny mpino amin'Andriamanitra, isak'izay manota izy. Voatohintohina ilay hafaliany mandrapiverenany amim-po torotoro amin'ilay Rainy, ka hiaikeny ny helony. Hahatsapa ho voavela heloka izy, raha toa ka inoany ny teny izay nambaran' Andriamanitra. Milaza mazava mantsy io Tenin'Andriamanitra io fa: « Raha miaiky ny fahadisoantsika isika dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra »<sup>20</sup>.

Tokony tsy hohadinoin'ireo zanak' Andriamanitra mandrakariva ireo fahamarinana roa loha mifameno ireo : tsy misy mahazaka tsara holana ka saro-bahana toy ny rohim-pihavanana (ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra Ray amin'ny maha zanaka antsika), ary tsy misy marefo ka mora miboraka toy ny rohim-piombonana (ny fiombonantsika aina amin'ny Ray sy ny Zanaka). Tsy haharava an'iry voalohany na ny herin'izao tontolo izao sy ny herin'i Satana indray mitambatra aza! Fisainana kely tsy voahevitra sy teny tsy mendrika indraim-bava fotsiny anefa dia efa ampy hampitsahatra ity faharoa.

Faingàna, manetre tena eo anatrehan' Andriamanitra vantany vao tsapanao fa misy zavatra tsy mazavazava manembatsembana ny fiainanao. Diniho ny famindra amampitondrantenanao. Ibabohy amin'Andriamanitra Raintsika ny fahadisoanao, vantany vao fantatrao ny mpangalatra nandroba an'ilay fifaliana tao anatinao. Ekeo fa nanao tsirambina sy tsy niambina ianao ka nanome lalana ny Fahavalo hitsofoka. Tandremo anefa, aza afangaro ny efa fahazoanao antoka ny famonjena sy ilay fifalianao semban-drahona vetivety, vokat'io tsy fitandremanao io.

Aza mihevitra anefa ianao, na izany aza, fa ho maivana kokoa ny hitsaran'Andriamanitra ny heloky ny mpino raha miolotra amin'ny an'ny tsy mpino. Tsy misy fomba karazany roa akory entina hitsarana ny ota. Tsy hoe ho moramora kokoa ny hitsarana ny otan'ny mpino, ary ho mafimafy kokoa ny an'ny tsy mpino. Saingy, misy fahasamihafana goavana kosa eo amin'izy roa ireo. Fantatr'Andriamanitra avokoa ireo fahotana rehetra nataon'ny mpino. Efa nentin'ilay Zanak'ondry nisolo voina azy teo amin'ny hazofijalian'i Kalvary ireo fahotany rehetra ireo. Io asa vitan'i Kristy io no mampilamina ny olan'ny ota, ka mahatonga ny tsy fiharan'ny fanamelohana vokatry ny ota intsony amin'ny mpino. Efa nahatra tao amin'ny Kristy ny fitsarana tokony ho nentiny: «Ary izy nitondra ny fahotantsika rehetra tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo»<sup>21</sup>.

Mizaka samirery ny vokatry ny fahotany kosa ireo rehetra mandà an'i Kristy. Ho any amin'ny helo mandrakizay izy ireo<sup>22</sup>.

Tsy hianjera aminy intsony ny didim-pitsarana noho ny ota, raha sendra lavo ny kristiana. Efa voalamin'io Mpitsara io indray mandeha tsy miverina teo amin'ny hazofijaliana mantsy izany

---

21. 2 Petera 2. 24 • 22. Apokalypsy 20. 15

tambin'ny otany izany. Voasembantsembana kosa anefa ny fiombonany amin'ny Ray sy ny Zanaka, satria nampalahelo ny Fanahy Masina izy.

Mamelà anay handray ity ohatra farany ity :

Indreo ankizy anankiroa no mijoro eo antsisin'ny vovo, mankafy ny taratry ny volana ao anatin'ny rano. Nanipy vato tao anatin'ny vovo ilay iray zokiny, nihiaka niaraka tamin'izay ilay zandriny :

– E, vakinao ilay volana !

– Adala mihitsy ianao ity, hoy ilay zokiny, jereo ny lanitra, tsy io hitanao tsy miova io izao ny volana? Ny fihetsiketsiky ny rano voatoraky ny vato teo no nampiova ny endriky ny volana tao anatin'ny rano !

Toy io vovo io ny fontsika. Asehon'ny Fanahy Masina antsika, ho fiononana sy ho fifaliana ho antsika, ny voninahitr'i Kristy sy ny hatsaràny, raha amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra no hiazonantsika ny asan'ny nofo tsy hanjaka. Ampy hampitambolimbolina an'io rano io ny saindratsy indray mandeha monja, ny teny tsy voahevitra indray mandeha monja niloaka ny vavantsika ! Ho voahelingelina ilay fiainana mahafinaritra niainantsika teo, mikorontana isika, malahelo, mandra-pahatonga ny fotoana hitondrantsika ny fontsika torotoro eo



anatrehan'Andriamanitra, ka hiaikentsika ny otantsika. Amin'izay fotoana izay vao hiverina amintsika ny fahatoniana tsy nananantsika teo aloha, sy ny fiombonana aina nogohintsika.

Moa manova ny asa nataon'i Kristy ve izany fihotakotaky ny fontsika izany? Sanatria! Hitoetra ihany ny efa maha olom-boavonjy antsika. Moa miova ve ny teny nambaran' Andriamanitra? Tsia dia tsia! Azo antoka hatrany ny famonjena efa voaraintsika. Ka inona àry izany no niova? Tsy inona fa ny asan'ny Fanahy Masina ao anatintsika. Ny tsy fahamendrehantsika sy ny vesatry ny otantsika no ataony mameno ny fontsika, raha tokony ho ny voninahitry ny Tompo no ampamirapiratin'ny ao anatintsika. Esoriny amintsika ilay fiononana sy ilay hafaliana nananantsika, mandra-pahatsapantsika tena ka hiaikentsika ny zava-dratsy vitantsika. Hiverina indray ilay fiombonana aina amin'Andriamanitra, vantany vao tontosantsika izany.

Enga anie ny Tompo hitaona antsika hatrany hiahiahy ny amin'ny tenantsika, mba hitandremantsika tsy hanao izay hampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanaovana tombokase antsika ho amin'ny andro fanavotana<sup>23</sup>.

---

23. Efesiana 4. 30

Ry mpamaky malala, na marefo aza ny finoana anananao, aoka ianao hahazo antoka fa tsy miova mandrakizay Ilay Iray izay anton'io finoanao io.

«Jesoa Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay»<sup>24</sup>.

Tsy miova mandrakizay ny asa vitany teo amin'ny hazofijaliana.

«Izay rehetra ataon'Andriamanitra dia haharitra mandrakizay; tsy azo ampiana ary tsy azo analana izany»<sup>25</sup>.

Tsy miova mandrakizay ny teny niloaka ny vavany. «Malazo ny ahitra, ka mihintsana ny voniny; fa ny tenin'ny Tompo maharitra mandrakizay»<sup>26</sup>.

Noho izany, tsy hiova mandrakizay ihany koa ny fototry ny toky sy ny antoka ary ny fiarovana mafy ho ahy.

---

**24.** Hebreo 13. 8 • **25.** Mpitoriteny 3. 14 • **26.** 1 Petera 1. 24, 25

*Fitiavan-dalina tsy mba miofo,  
Ny fitiavanao e, ry Tompo Tsihoa  
Ka na dia malemy sy ratsy ny nofo  
Mba mifaly havanja amin'ny tarany soa*

*Raha sendra misompatra ny raho-mainty  
Handroba ny hakanton'izato hazavana  
Mihelina ihany io f'lanao no tsy maintsy  
Mamiratra hatrany, mitondra hafanana*

*Tsy misy hahasaraka ahy aminao  
Ry Tompo Mpamonjiko feno fitia  
Raha minia adala, mitady ny handao  
Avereno ho aminao re ity foko malia!*

Misy asoratra maromaro ireto mamahavaha ny lohahevitra mitovy amin'izay hitanao tato. Mampirisika anao izahay hamaky azy ireto :

*Un croyant peut-il perdre le salut ?*

P. Fuzier

*Rachetés pour l'éternité*

J.G. Fijnvandraat

*Les vérités fondamentales sur le salut*

E. Dennett



**Ny fahazoana antoka  
ny famonjena  
sy ny  
fifaliana azo avy amin'izany**

Amboaram-boky 10x15  
ahitanao fanazavana tsotra  
avy amin'ny Baiboly

**Nahoana no navoaka  
izao amboaram-boky 10x15 izao ?**

Natonta tamin'ny taratasy manify ireo boky, ary natao mitovy habe amin'ny valopy. Natao indrindra ho fampitomboana an'ireo mpamaky liana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ireo bokikely rehetra ho hitanao ato amin'ity amboaram-boky ity. Amidy amin'ny vidiny mirary tokoa izy ireny, ary mamaly an'ireo fanontaniana fametraky ny olona matetika, araka ny amalian'ny Tenin'Andriamanitra azy.